Mihoatra nohon'ny Mpaminany.

The Acts of the Prophet.
Rev. Pearry Green.
Chapter 10.
Malagasy.

Mihoatra nohon'ny Mpaminany.

Ao ambadiky ny aloky ny fisalasàlana,dia hisy amin'ireo izay hamaky ireo toko teo aloha amin'ny finoantsika fa Rahalahy Branham dia mpaminany nalefa ho an'ity taranaka ity ary manana ny fanahin'i Elia, no tena tsy hino ny fametrahantsika an'io lehilahy io amin'izany toerana izany. Hieritreritra izy ireo fa mety olon-kafa no ho mendrika izany. Niezaka nampiseho ny fahamendrehan'izany araka ny Soratra Masina aho ary nampahafantatra ny fiainan'io rahalahy io, ny asa fanompoany, sy ireo asa izay notanterahin'Andriamanitra teo amin'ny fiainany raha ampitahana amin'ny Soratra Masina, izay hinoana fa tsy misy ivelan'ny Teny. Ary amin'izao fotoana izao ihany koa, dia mampahatsiahy an'ireo izay mitsikera ity asa ity aho, tsy ny mba hitsarako anareo, fa kosa mba hahafantaranareo ao amponareo fa nisy ireo izay tety ambonin'ny tany tamin'ny andron'i Jesosy izay nahalala ny Soratra Masina tamin'ny fitadidiana, nahafantatra ny lalàna sy ny tenin'ireo mpaminany, kanefa i Jesosy Kristy dia tsy maintsy nilàza tamin'ireo Fariseo *indray andro, " Satria ianareo milaza fa manana ny mazàva, j*amba ianareo." Hinoako fa tsy hanafintohina izany filazàna izany, fa tena mety hisy sasany aza mamaky na mihaino ity, dia mety sahy hilàza fa manana fanambaràna tahak'izany, na hazavàna ao amin'izy ireo, tahaka ny nataon'ny Fariseo izay nodiany tsy hita izany, tsy fanahiniany, fa avy amin'ny fahajambana, ny amin'izay nataon'Andriamanitra tamin'ity taranaka ity.

Andriamanitra dia tsy Andriamanitra zava-poana. Alohan'ny nandefasany ny Zanany Lahy, Jesosy Kristy, Imanoela tamin'ny nofon'olombelona,nolazainy tamin'ireo mpaminany fa hisy mpialoha lalana,iraka izay handeha eo alohany sy hanomana ny làlana. Noho izany, alohan'ny nahatongavan'i Jesosy Kristy voalohany dia nisy iraka nialoha izany fahatongavana voalohany izany. Vakiana avy ao amin'ny Matio 11:7-15, ny tenin'i Jesosy mahakasika io mpialoha làlana io.

> *7 Ary rehefa lasa izy ireo,dia nanomboka niteny tamin'ny olona i Jesosy momba an'i Jaona, Ahita inona no nandehananareo tany an'efitra? Zozoro hahetsiketsiky ny rivotra?*
> *8 Fa hahita inona no nandehananareo tany an'efitra?Lehilahy iray manao akanjo tsara?Indro,i reo izay manao akanjo tsara dia any antranon'ny mpanjaka.*
> *9 Fa inona mba ahita inona no nandehananareo tany? Mpaminany? Eny, lazaiko aminareo fa mihoatra nohon'ny mpaminany.*
> *10 Fa izy ilay, ny momba azy dia voasoratra, Indro, haniraka ny irako eo alohanao aho, izay hanomana ny lalanao eo alohanao.*
> *11 Lazaiko aminareo marina tokoa, fa amin'ireo izay natera-behivavy dia tsy nisy nitsangana ka lehibe noho i Jaona mpanao Batisa: na dia izany aza, izay kely indrindra ao amin'ny fanjakàn'ny lanitra dia lehibe noho izy.*

12 Ary hatramin'ny andron'i Jaona mpanao Batisa mandraka ankehitriny dia niharàn'ny herisetra ny fanjakàn'ny lanitra, ka izay mahery dia naka izany an'keriny.
13 Fa ny mpaminany rehetra sy ny lalàna dia naminany hatramin'i Jaona.
14. Ary raha raisiareo io, izy no Elia izay nambàra fa ho avy.
15. Izay manana sofina ahafahana miaino, avelao izy hiaino.

Ny tenan'i Jesosy Kristy dia nanaporofo fa Jaona Mpanao Batisa dia nanantateraka ny Malakia, ny toko fahatelo, rehefa nilaza Izy fa izy ilay iraka izay tsy maintsy handeha eo alohany ary hikarakara ny làlana. Jesosy dia mampitahy ireo olona maro tamin'ny nataon'izy ireo nandeha mba hitady mpaminany, anankiray izay manana ny Tenin'Andriamanitra. Izy koa dia iraka, manambàra fa Jesosy Kristy ilay Zanakalahin'Andriamanitra dia teo mba hanavotra izao tontolo izao. - Io Soratra Masina io dia teo andala-pahatanterahany tamin'ny androny. Io dia mametraka azy ho mihoatra nohon'ny mpaminany. Io dia mametraka azy ho mpialoha làlana ka Izy no nandefa ho an'(Jaona) ity taranaka ity ny amin'ny fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama.

Ankehitriny, raha misy mpaminany iraka ho an'ny taonjato faha-roapolo mba hialoha làlana ny fihavian'i Jesosy Kristy fanindroany, io iraka io dia hiseho tsy misy hafa amin'ny olona tahaka an'i Jaona izay tsy mendrika ny fijery azy. Izy koa dia hiadian-kevitra tahaka an'i Jaona. Tsy halaza izy. Fa kosa, izay laza mety ho azony amin'ny voalohandohan'ny asa fanompoany dia tsy ampisalasalàna fa ho very, ary hanomboka hilaza ny marina izy izay nomen'Andriamanitra azy. Tahak'izany ihany tamin'i Rahalahy Branham, izay nankafy laza lehibe sy fanekena raha mbola nitory fanasitrànana mahagaga izy, raha mbola nisy fahagagana tamin'izany tsy niaraka tamin'ny fampianarana.

Fa rehefa nitondra ny hafatr'Andriamanitra izay nanirahiny azy izy mba ho entiny, taorian'ny nanombohan'ny famantàrana ny fanasitrànana mahagaga sy ny fifohazam-panahy manerana izao tontolo izao (mba hisarihana ny sain'ny olona mba ahafahany milaza ny Tenin'Andriamanitra), dia maro ireo olona izay tsy nanaraka azy intsony. Nilaza izy ireo fa diso teo amin'ny fampianarany izy. Fa izy dia lehilahin'Andriamanitra amin'izao ora izao ary ireo voafidy no nanaiky sy nino azy, tahaka ny fisian'ireo izay nofidiana, notsongaina, ary nosafidian'Andriamanitra tamin'ny andron'i Jaona Mpanao Batisa izay nahita, nahatsapa, ary nanaraka azy. Nino izy ireo rehefa niteny Jaona, *"Indro, Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra, izay mnàla ny fahotàn'izao tontolo izao."* Nino azy izy ireo ary nanaiky ny Mesia.

Ny Soratra Masina, dia manaporofo fa ireo izay nanaiky sy nino an'i Jesosy Kristy dia naheno ny hafatry ny iraka tany amboalohany, izay manomana ny lalana eo alohany. Eny ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, rehefa hiran'i Paoly ireo izay tao Efesosy, izay mbola tsy natao batisa tamin'ny fomba tsy diso, dia hoy izy, *"Tamin'ny batisa inona no nanaovana batisa anareo?"* Hoy izy ireo, *"Tamin'ny batisan'i Jaona"* Izany hoe naheno ny hafatry Jaona izy ireo aloha, ninoany io, ary rehefa notorian'i Paoly tamin'izy ireo Jesosy, dia natao batisa indray izy ireo tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo.

Ny asa fanompoan'i Rahalahy Branham dia nanokatra ny mason'ny mpino maro, ireo voafidin'Andriamanitra, ngeza lavitra noho ny tamin'izay fotoana efa nisy. Nahita mihoatra izy ireo tamin'izay nataon'Andriamanitra, ary mitohy manao izany amin'ity taranaka ity, fa sady mahajamba ny mason'ireo izay nohamafisina ny fony ary napetraka eo amin'ny fomban-dràzany koa izany.

Mety ho fanafintohinana ny fandraisan'ny sasany an'izany; fa tahaka izay nilazàn'i Paoly fa ireo zavatra nolazainy dia avy amin'Andriamanitra, dia hinoako fa izao no fotoana tokony htenenantsika amin'izao tontolo izao fa novangian'Andriamanitra ity taranaka ity, fa nandefa mpaminany mahery Izy ho eo

anivontsika. Mihoatra nohon'ny mpaminany izy; lehilahy nirahin'Andriamanitra izy miaraka amin'ny hafatra. Tena zava-dehibe ny mihaino izany hafatra izany. Hoy ny mpaminany Amosa, rehefa naminany, *"Tena marina, Andriamanitra Tompo dia tsy hanao na inona na inona, fa asehony ny tsiambaratelony amin'ireo mpanompony, dia ny mpaminany."* (Amosa 3:7) Mba hanaporofoana fa ny fiainan'i Rahalahy Branham dia mifanaraka amin'ny Soratra Masina, ary izy dia mihoatra nohon'ny mpaminany amin'ity taranaka ity, diniho izao: Tsy hoe voalazan'i Kristy fontsiny izy, *"Marina tokoa fa i Elia dia ho avy aloha ary hamerina ny zavatra rehetra amin'ny laoniny,"* fa izy koa dia voalazan'i Jaona ilay Mpanambara ao amin'ny Fanambarana 10:7.

> *"Fa amin'ny andron'ny feon'ilay anjely fahafito,rehefa hanomboka hitsoka izy,ny misiterin'Andriamanitra dia tokony ho vita,araka izay nolazainy tamin'ny mpanompony dia ireo mpaminany."*

Rahalahy Branham dia nitondra sokajina toriteny goavana tamin'ny 1960 mitondra ny lohateny hoe "Ny Taom-Piangonana Fito" izay mifototra amin'ny bokin'ny Fanambarana, toko faha 2, sy faha 3. Ny toriteny dia mifototra amin'ny zava-misy fa ny tsirairay amin'ireo fiangonana fito any Azia ireo, voalaza ao amin'ireo toko ireo dia azo ampitahaina amin'ny vanimpotoana eo amin'ny tantaran'ny fiangonana. Ny ady hevitra amin'ny antsipiriany amin'ilay fanambaràna lehibe nentin'i Rahalahy Branham tao amin'ireo toriteny ireo dia lava loatra raha entina etoana. Kanefa ilay voafono mafy (hard bound - Anglisy) mitondra ny lohateny hoe "Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy" dia mirakitra ny fanazavana momba ny toritenin'ny Taonan'ny Fiangonana Fito ary azo alaina ao:

The Word Publications, P.O. Box 10008, Glendale, AZ 85318 USA
na avy amin'ny, Spoken Word Publications, P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 USA.

Raha fintinina, ao amn'ny Apokalipsy,toko faha 2 sy 3, isaky ny hafatra ho an'ny fiangonana tsirairay dia miatomboka amin'ny hoe: "Ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao (Efesosy) (Smyrna) (Pergamosy) (Tiatira) (Sardisy) (Filadefia) (Laodikia) soraty..." Tamin'ny Rahalahy Branham, teo ambanin'ny fitarihan'Andriamanitra,dia nitondra ny fanambaràna ny amin'ny misiterin'ireo fiangonana fito ireo, avy amin'ny alalàn'ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy fahitàna masina,nofaritany ny manodidina ireo taona ireo tao amin'ny tantàra. Ny teny hoe "Anjely" dia naseho mba hidika hoe "iraka" amin'io fampiharana io. Nasehon'Andriamanitra azy koa ny anaran'ireo iraka isaky ny taona. Ohatra, Paoly dia iraka voalohany ho an'ny taom-piangonana voalohany. Izany taona izany dia nanomboka teo amin'ny 53 A.D ary naharitra hatramin'ny 170 A.D., ilay fotoana izay nanomboka nihenan'ny herin'Andriamanitra tao amin'ny fiangonany. Ny toetra ao amin'ilay fiangonana Efesosy tany Azia, nambaran'ny Fanahy tamin'i Jaona ilay Mpanambara. Araka izay nomena ao amin'ny Apokalipsy toko 2, andininy 1 ka hatramin'ny 7 dia tena mifanaraka tsara amin'ny toetra ara-panahy ny fiangonana, ny tsy mino dia tao, ny anti-kristy tamin'izany fotoana izany teo amin'ny tantàram-piangonana.

Ilay iraka faharoa dia nampianatra fampianàrana mitovy, ary nihazona ny fahamarinana mitovy izay nampianarin'i Paoly. Io taona io dia naharitra teo amin'ny taona 170 ka hatramin'ny taona 312. Ny iraka ho amin'io taona io dia tsy hisalasalana fa Iranaeus.

Ny taom-piangonana fahatelo dia Pergamos, ny nanombohany dia talohan'ny fivoriana tao Nicea, ny 325, ary naharitra hatramin'ny fiandohan'ny Dark Ages (Taonan'ny Fahamaizinana) ny taona 606. Ilay iraka dia nantsoina hoe Martin.

Avy eo dia tonga ny Taona Tiatira, nandritra ny Dark Age hatramin'ny 1520, ary ny iraka tao dia Columba. Izy dia marina fa tena lehilahin'Andriamanitra, nihazona haramin'ny faran'izany

vanimpotoana izany ny hafatra, niezaka ny hitondra fahamarinana sy fahazavàna ho an'ireo maizina amin'ny tontolon'ny fanahy.

Ny taona Sardisy dia eo anelanelan'ny ny taona 1520 (fotoanan'ny fanavaozana: reformation) sy 1750. Ny iraka dia Martin Luther. Apokalipsy toko 3, andininy 2, dia miresaka ny tsy fahampian'ny fiainana tao amin'ny fiangonana. Martin Luther dia nitondra izay nilaina - fiainana ho an'izay efa maty, maizina, ary very. Tsy nisy hazavàna nandritra ny Vanimpotoanan'ny Fahamaizinana. Ny antikristy dia tena nahazo vahana ka ny zavatra rehetra tao am-piangonana dia momba ny vola, eny fa na dia ny famonjena ho an'ny olona aza, rehefa tonga i Martin Luther niaraka tamin'ny hazavàna voalohany tamin'izany andro izany, nikiakiaka, *"Ny marina no ho velona amin'ny alalan'ny finoana."*

Avy eo dia ilay Taona Volamena, ny Taona Filadefia, ilay taonan'ny fifnkatiavan'ny rahalahy, niditra ny nanomboka teo amin'ny 1750 mankàny amin'ny taonjato faha-roapolo, izay nilatsahan'ny Fanahy Masina, ny taona 1906 tao Azusa Street, tao amin'ny morontsirak'Andrefan'i America Amerika. Tsy hisalasalàna fa i John Wesley, miaraka amin'ny hafatra ny fahamasinana nentiny, dia lehilahy nirahin'Andriamanitra mba hitondra nyfahatanterahan'ny ny Soratra Masina izay nosoratan'i Jaona ilay Mpanambàra tao amin'ny Nosy Patmos tamin'ny fotoan'androny.

Ny taom-piangonana fahafito dia ny Taona Laodikia. Io ny androntsika. Mety tsy afaka ny hamintina hanaporofoana ireo taona enina voalohany ireo aho, fa isika kosa dia tokony afaka hijery ny toetry ny fiangonana ankehitriny, sy hahita fa tena mifanaraka tsara amin'ny fiangonana Laodikia. Ny Taona Laodikia, ilay taona dia midika hoe "zon'ny olona", izay,raha tsy tian'ny olona ny torian'ny mpitoriteny, dia mitady mpitoriteny hafa izy ireo ho azy. I Jaona dia nanoratra ny momba ny Taona Laodikia ao amin'ny Fanambaràna toko 3, andininy faha 14 ka hatramin'ny 22:

> *14 Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao.*
> *15 Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafàna ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafàna ianao.*
> *16 Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny vavako ianao;*

Inona no mivoaka avy ao amin'ny vavan'andriamanitra? *"Ny olona dia tsy ho velona amin'ny alàlan'ny mofo irery ihany, fa amin'ny alàlan'ny teny rehetra izay mivoaka avy ao amin'ny vavan'Andriamanitra."* Raha ny olona amin'izao fotoana izao izay mitondra ny anarana Kristiana no hanaiky ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy ho matimaty izy ireo; hafàna izy ireo.ao ireo izay zara raha manana fahamarinana ahafantarany fa Jesosy Kristy dia ilay Mpamonjy izao tontolo izao, kanefa dia novain'izy ireo ny Filazantsara. Jereo fontsiny ny toetry ny fiangonana amin'izao fotoana izao. (Tadidio fa tsy fampianarako izany; fampianaran'ny Rahalahy Branham izany.) Rahalahy Branham dia nilaza fa ny fiangonana amin'izao dia manankarena;mitombo ny fananany; milaza izy fa tsy mila na inona na inona,eo anatrehan'izany anefa, araka ny Apokalipsy toko 3, andininy 17: *"... kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka"* ary ny tena mampahonena amin'io dia ny hoe *"Tsy mahalala an'io"* Rahalahy Branham nanazava misimisy kokoa ny amin'ny toetran'io taona io tao amin'ny toriteniny *"Ary tsy mahalala izany"* notoriana tao Jeffersonville, ny Aogositra 1965.

Tsy mbola nisy teo amin'ny fiangonana na oviana na oviana teo aloha – ny fandaminana Kristiana – manakarena be, mitombo fananana. Ny sasany manana trano raitra (Apartement), toerana fivarotana, eny fa hatramin'ny orinasa aza. Any italy dia iray amin'ireo mpandraharaha goavana dia tsy afaka

mifidy tompon'andraikitra akory raha tsy ny Fiangonana Romana no mandefa aminy ny fahafahana mifidy, lehibe tokoa ny fanagejana nananan'io fiangonana io. Inona ary izany ny mpitoriteny amin'izao fotoana izao? raha tsy mpadraharaha? Ny tena nahita fahaombiazana dia ireo izay afaka mamporisika, mandamina, ary mampiseho lamin'asa miaraka amin'ny fihetsiketsehana eny amin'ny polipiotra mba hitomboan'ny olona – tahaka ny fanatitra sy ny fanorenana. Izy ireo dia lasa mpanentana ireo mpanaradia azy. Ny Tele sy ny Radio dia mitondra ny hafatra fanentanany. Eny fa ny mpihira ao aminy aza dia karamainy. Aiza ny fitarihan'ny Fanahy Masina? Ireo zavatra ireo no nanaovan'ny Rahalahy Branham antso avo ho fanoherana izany amin'it taranaka ity. Azo heverina fa tsy hino azy izao tontolo izao; tsy nanaiky azy izy.

Jaona dia manohy ao amin'ny Apokalipsy 3:18

> *18 dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao.*

Tadidio fa ny Fariseo dia nilaza fa nanana ny mazava, noho izany dia jamba izy ireo. Miangavy anareo aho, tahaka ny nataon'i Rahalahy Branham,mba haka odimaso, mba hijery akaiky amin'izay nataon'Andriamanitra mba hanananao odimaso ampiasaina sy hinoana fa Andriamanitra dia namangy ity taranaka ity, ary nandefa mpaminany Izy, eny, mihoatra nohon'ny mpaminany – ilay iraka ho an'ny Taom-piangonana Laodikia, dia lehilahy iray mitondra ny anarana hoe William Branham, manana ny fanahin'i Elia eo aminy.

Jereo ny hiafaran'ity taom-piangonana ity.Araka ny Soratra Masina, Jesosy tenany no nilaza, *"Indro. Mitsangana eo ambaravarana aho sady mandondona..."* Io Soratra Masina io dia dio ny nampiasana azy tao anatin'ny taona maro izay nataon'ireo mpanompo mahalala tsara, hilazany fa Jesosy dia mandondona ao ampon'ny fon'ny olona; fa ny fijerena akaiky dia mampiseho fa i Jesoy Kristy Tenany nailiky ny fiangonany tamin'ny taom-paiangonana farany. Io dia lasa tsy ilaina i Kristy. Tsy mila an'Andriamanitra intsony izy ireo: manambola izy, programa, fomba amampanao. Billy Graham tenany mihintsy no nilaza fa raha sintonina avy amin'ny tany ny Fanahy Masina, ny asa ataon'ny fiangonana dia mety tsara, midika izany fa folo isanjato ihany no eo ambanin'ny Fanahy Masina. Ny sivifolo isanjato ambiny dia asa nataon'olombelona. Tsy mila an'i Kristy izy ireo. Io no andro izay hitsanganan'i Jesosy eo ambaravaran'ny fiangonany, milaza; *"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko"*

Nentiko fohifohy teto aminareo ireo taom-piangonana ireo eto amin'ity toko ity. Fa tiako ny hilaza aminareo ity zavatra ity teo amin'ny fiainan'i Rahalahy Branham: raha vao vita ny toriteniny tamin'ireo hafatra nisesisesy ireo, nentina teto aminao fohifohy tamin'ity toko ity, io Andry Afo izay nolazaiko matetika io dia nilatsaka teo amin'izay nanatrika, teo amin'ny olona eniinjato teo ho eo. Rahalahy Branham dia nanao izany antsary teo amin'ny solaitra be.(fanazavana). Ny sasany anefa tsy nanaiky an'io na dia teo aza izany.

Fotoana fihy taorian'izany, dia nisy fahatakonan'ny volana niseho. (eclipse lunaire) Ny sarin'io fahatakonana io dia naely tao amin'ny magazine sy ny gazety eran'izao tontolo izao, nampiseho famantaràna mitovy, fahamaizinana mtovy, hazavàna mitovy, ary ny taom-piangonana fito, izay nolazain'i Zakaria hoe, *"Hisy hazavana amin'ny fotoana hariva,"* araka izay sary natao teo amin'ny solaitraben'i Rahalahy Branham ary nohamarinin'ilay Andry Afo. Ireo zavatra ireo dia tsy nambara fontsiny tety an-tany, fa nambara koa ireo tany an-danitra ambony. Noho izany antony izany, dia fa ny

Rahalahy Branham ntsika dia mihoatra nohon'ny mpaminany. Izy no iraka amin'ny taom-piangonana fahafito.

Jesosy dia nilaza momba ny farandro, *"Fa tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa amin'ny andron'ny zanak'olona."* Ao amin'ny Lioka toko faha 17, Izy dia milàza toy izao, *"Tahak'izany ihany koa tamin'ny andron'i Lota...Eny izany no hitranga rehefa hiseho ny Zanak'olona."* Noho izany tamin'ny andron'i Noah dia nafindra i Enoka, nentina,alohan'ny nandehanan'i Noah ny fotoana sarotra. Io dia mampiseho ny fiangonana ankehitriny entina miàla alohan'ny fahoriambe, akàrina tampoka, ary ny sasany mandalo fahoriambe dia ho tonga any amin'ny ilay ilany anankiray. Fa satria tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia misy antokon'olona telo: ireo olona ratsy tao Sodoma sy Gomora izay nopotehina, mpino tahaka an'i Lota izay tao Sodoma, ary ireo vofidy, ry Abrahama sy ireo izay niaraka taminy tao antobiny tany an'efitra.

Afaka jerentsika ny faharatsiana izay tahaka ny tamin'ny andron'i Lota; afaka hitantsika ny fanambadiana sy ny fanaovana mariazy, ny fisotroana sy ny sodomia, sy ireo karazana endrika fahavetavetana manodidina antsika ankehitriny. Fa tadidio anefa, fa ny Soratra Masina dia tsy maintsy tanteraka, ary milaza io fa rehefa tonga ny faharatsiana, Andriamanitra dia hanangàna faneva hanohitra an'io amin'ny androtsika. Noho izany dia tsy tokony hijery fontsiny ny faharatsiana izay misy isika alohan'ny hisehoan'ny zanak'olona, fa isika koa tsy maintsy mahita ny faneva izay hatsangan'Andriamanitra amin'ity taonjato faharoapolo ity, alohan'ny ahatongavan'i Jesosy Kristy Tompo, ny faran'izao zavatra rehetra izao, ny fanehoana ny misiterin'Andriamanitra, fa isika koa, tahaka an'i Abrahama, voafidy manokana, dia afaka ahita fa Andriamanitra dia namangy antsika amin'ity taranaka ity.

Ankehtriny aza, ahoana no nanaovan'Andriamanitra an'izany tamin'ny andron'i Abrahama? Indray andro iAbrahama dia nipetraka teo amin'ny varavaran'ny tranolainy raha nisy lehilahy telo tonga nanantona teo. Nitsangana i Abrahama ary nilaza *"Elohima."* Ary nantsoiny hoe *"Tompo."* Ny anankiray tamin'ireo iraka ireo dia Andriamanitra niseho ho olona, raha tsy izany Abrahama tsy niantso azy hoe Elohima. Ireo iraka roa dia lasa ary nihazo an'i Sodoma, mampiseho an'izao tontolo izao, ary nitory fibebahana, ary ireo izay nihaino dia nivoaka niaraka tamin'izy ireo. Izao ary dia holazaiko anareo fohifohy mba tsy hahasorena anareo, mba hahafahanareo mamaky izany ary mihaino izany araka ny nilazan'i Rahalahy Branham azy: Ny iray nijanona niaraka tamin'i Abrahama tao amin'ny tranolay – inona ny toetra nasehony tamin'i Abrahama? Nihomehy Sarah tao anatiny tao amin'ny tranolay tao aorinany, ary hoy Izy, *"Fa nahoana no nihomehy Sarah?* Izany no toetran'Andriamanitra izay naseho talohan'ny fitsaràna nianjera tamin'i Sodoma sy Gomora.

Inona ny toetra nampiasain'i Jesosy Kristy, ilay Zanakalahin'andriamanitra dia ny Tenany, mba hanaporofoana ny mpianany fa Izy ilay Zanak'olona?Nathanael, raha mbola teo ambany hazo dia hitan'i Jesosy, fa raha nandeha izy ireo ary naka an'i Natanaela ary nitondra azy teo amin'i Jesosy, dia hoy Jesosy, *"Jereo, Israelita izay tsy misy pentina eo aminy."* Namaly Azy Natanaela ka nanao hoe, *"Hay moa, ahoana ny nahafantaranao ahy?"* Dia hoy Izy, *"Hitako ianao tamin'ny mbola teo ambanin'ilay hazo."* Jesosy dia nampiseho fomban'Andriamanitra, ary ny olona dia nanaiky izany tahakan'Andriamanitra teo anoloan'izy ireo, ho ilay Mesia.

Ankehitriny dia te hanontany anareo anarivony maro aho, isika izay nahita ny asa fanompoan'ny Rahalahy Branham sy ny fiainany, efa nitsangana ve izy ary niamboho ireo izay nihaino azy, dia niantso ny olona tamin'ny anaran'izy ireo, ary nilaza ny tao ampony – olona izay mbola tsy nifanena taminy mihintsy taloha? Mety hilaza ianareo hoe, *"Te hiteny ve ianao fa izy dia mihoatra nohon'ny mpaminany, ary Andriamanitra izy?"* Tsia, fa mamelà ahy hilàza fa ny Teny dia Andriamanitra – ary io

Teny io dia tao amin'io lehilahy io – ary Andriamanitra dia naneho ny Tenany tamin'ity taranaka ity tamin'ny alàlan'ny Asan'ny Fanahy Masina tamin'ny lehilahy iray izay nofidiany hatrany ambohoka mba ho mpaminanin'Andriamanitra.

Tsy maintsy nitsangana izy mba hampiseho sy hanambara amin'ny fomba tsotra ny Zanak'olona, noho izany ireo olona nofidian'Andriamanitra dia afaka hahafantatra ao ampon'izy ireo hoe manao ahoana izany mitovy amin'i Jesosy izany. Fa ity taranaka ity dia nanadino hoe nano ahoana Izy. Tsy namaky ao amin'ny Soratra Masina izy ireo *"Lazao ireo zavatra ireo... minoa tsy ampisalasalàna... manàna finoana, dia ho tanteraka ireo zavatra ireo... lehibe mihoatra noho izany no hataonareo."* Fa iza ary no nanao izany mandràpandefan'Andriamanitra lehilahy iray, izay feno Azy, ary tena tafasaraka tamin'ny ota, tena nalahatr'Andriamanitra tamin'ny Teniny, izay nahafahany, tahaka ilay iray nitsangana teo amin'ny tranolain'i Abrahama, nanome ny lamosiny ary niantso azy ireo tamin'ny anarany sy namoaka ny tsiambaratelo tao ampon'izy ireo. Araka izay efa voalazany teo aloha, ny fitsaràna dia nihatra tamin'ny Sodoma sy Gomora. Izay ny teniko, ary ny azy: *"Izao no lazain'ny Tompo, izay ny fomban'Andriamanitra izay ho hitan'ity taranaka ity farany alohan'ny hianjeran'ny fitsaràna amin'izao tontolo izao."*

Tamin'ny nipotran'Andriamanitra voalohany tamin'i Abrahama, dia tamin'ny andro tena nafàna be. Moa tsy izany va tamin'ny andro 11 Jona, 1933 izay nafàna be, izay nisehoan'ilay Andry Afo voalohany teo ambonin'ny mpaminanin'Andriamanitra tao amin'ny reniranon'i Ohio? Nisy olona anarivony maro vavolombelona tamin'izany andro izany. Io dia fotoana ela alohan'ny nahatongavan'i Billy Graham tamin'ny fitoriana teny. Ary eto dia tiako koa ny mampahatsiahy anareo fa misy lehilahy roa izay misongadina teto ambonin'ny tany teo amin'ny tontolon'ny finoana, ary ny anaran'izy ireo dia miafàra amin'ny "ham". Tadidio fa Andriamanitra dia nanova ny anaran'i Abrama ho Abraham "ham" dia (ampahany amin'ny anaran'Andriamanitra, Elohim). Raha nisy telo nankeo amin'ny tranolain'i Abrahama, dia ambarako aminareo etoana fa Rahalahy Branham dia fahatanterahan'ny Lioka 17:30 amin'ny alàlan'ny fampisehoana ny Zanak'olona, ary tsy maintsy misy koa vavolombelona roa hafa izay handeha sy hitory amin'izao tontolo izao.

Diniho tsara Dr.Billy Graham ny Rev Oral Roberts, lehilahy roa fantatra eran'izao tontolo izao, eraky ny firenena amin'ny alàlan'ny TV, radio, sy magazina. Ilay Iray nijanona niaraka tamin'ny olomboafidy tamin'ny andron'i Abrahama dia tsy fantatra. Tsy nilaza tamin'i Abrahama mialoha fontsiny izy ny amin'ny fampanantenàna ny fitsaràna fa nilàza tamin'i Abrahama koa izy fa misy Zanaka nampanatenaina ho avy. Izy ilay iray izay nampiseho izay famantàrana izay tamin'i Abrahama, ary rehefa hitan'i Abrahama io, dia ninoany. Hitanao ve ny fitoviany, *"Fa tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho tahaka izany koa amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'olona."*

Mba hanazavàna izany, tamin'i Jesosy Kristy tety, dia fantatra tamin'ny anarana telo Izy (titres). Ao amin'ny Soratra Masina, Izy dia nantsoina hoe Zanak'olona, Zanak'Andriamanitra, Zanaky Davida. Ankehitriny, tamin'izy tety, dia niantso ny Tenany foana Izy hoe Zanak'olona satria izy mpaminany tamin'izay. Io dia hita ao amin'ny Ezekiela izay natsoin'Andriamanitra hoe Zanak'olona, satria "mpaminany" dia midika hoe "zanak'olona". Ezekiela dia mpaminany tamin'ny fotoan'androny, tahaka an'i Jesosy Kristy izay Mpaminany izay voalazan'i Mosesy, *"Andriamanitra dia hanangana iray tahaka ny tenako."* Jesosy izany Mpaminany izany, fa tao anatin'ny taom-piangonana, Jesosy Kristy dia fantatra tamin'ny hoe Zanak'Andriamanitra, nitsangana ary nomem-boninahitra. Fa lasa Zanaky Davida Izy amin'ny fanjakàna arivo taona. Hipetraka eo amin'ny seza fiaandrianan'i Davida Rainy Izy dia ho fantatra hoe Zanak'i Davida. Fa raha mandinika ianareo, Lioka 17:30, *"Eny tahaka izany amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'olona."* Andro inona? Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma. Fa inona no niseho tamin'izany andro izany? Tsy Andriamanitra ve no niseho tamin'ny nofo tahàkan'ny mpaminany

tamin'i Abrahama sy Sarah, fotoana talohan'ny nahatongavan'i Isaka zazalahy, izay tandindon'i Kristy?

Ankehitriny aza, raha tsy maintsy hampiseho ny Tenany indray Jesosy tahaka ny Zanak'olona amin'izao andro farany izao, dia ilaina indray ny Fanahin'Andriamanitra ho tonga amin'ny olona amin'ny Teny – mpaminany voamarina izay hanoro ny fiangonana mankany amin'ny fiavian'ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy. (Hitanao, Izy dia Zanak'olona tamin'izy tety; izao Izy dia Zanak'Andriamanitra; ary raha tsy maintsy haseho amin'ny maha Zanak'olona azy Izy alohan'ny maha Zanak'i Davida Azy, dia tsy maintsy ao amin'ny mpaminany izany.) Izany dia mba hahamarina an'Andriamanitra amin'ny Teniny, tsy maintsy nandefa mpaminany Izy.

Nitady izany mpaminany izany isika. Nalefan'Andriamanitra izy ary fantatsika amin'ny hoe William Branham, fa izy dia naneho tamintsika ilay Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay- manavaka ny eritreritra sy ny fanirian'ny fo, mampiseho izany fomban'Andriamanitra izany izay izy Andriamanitra Tenany no naneho tamin'i Abrahama alohan'ny fitsaràna nihatra tamin'i Sodoma sy Gomora. Izaho dia milaza fa mihoatra nohon'ny mpaminany izy. Ilay Teny dia tao aminy ary ny Teny dia Andriamanitra. Ny manilika azy sy ny haftra nentiny dia manilika an'Andriamanitra. Tahaka an'i Samoela izay nipetraka teo amin'ny toeran'ny vahoaka tami'ny fotoan'androny, dia toy izany koa ny Rahalahintsika Branham teo amin'ny toeran'Andriamanitra ho an'ny vahoakan'ity taranaka ity. Rehefa nandà an'i Samoela izy ireo, dia hoy Andriamanitra, *"Nandà Ahy izy ireo !"* Rehefa mandà mpaminany nalefan'Andriamanitra ianao, dia mandà an'Andriamanitra. Raha tsy azonao izany – iza no tao amin'i Mosesy tamin'ny nanipazany ny tenany teo anelanelan'Andriamanitra sy ny vahoaka ary nilazàny, *"Alaivo aho, toy izay halaina ny vahoaka"?* Izany dia I Kristy tao amin'i Mosesy, ary ny Teny dia tonga tao amin'i Mosesy, dia nomeny an'i Aarona izany, ary ho an'i Aarona izy dia lasa "solon'Andriamanitra" (Eksodosy 4:16) ary Aarona dia mpitondra teny, mpaminan'i Mosesy. Eny fa na dia hitsangana aza aho ka hilaza ireo zavatra ireo aminao izao ary hilaza ireo teny izay nomen'Andriamanitra ny Rahalahy Branham, dia tsy mpaminan'Andriamanitra aho, fa mpaminan'ny mpaminanin'Andriamanitra nofidiana mba hiresaka amin'ny alàlako.

Ao amin'ny bokiny momb ny taom-piangonana, pejy 328, Rahalahy Branham dia nilàza fa hisy ireo izay hivavaka aminy, ary hino azy ho Mesia, fa izy nilàza taminay ny tsy hino izany. Nilaza izy fa tsy mila toeram-boninahitra ambony noho izay nanan'i Jaona Mpanao Batisa. Mihoatra nohon'ny Mpaminany izy. Iraka izy.

Ilay Teny izay nentiny dia Andriamanitra ho an'ity taranaka ity – fa hoy izy *rahalahiko izy* – ary nino izany aho. Andriamanitra dia namangy ity taranaka ity – tamin'ny mihoatra nohon'ny mpaminany – tamin'ny iraka manana hafatra, hialoha làlana ny fiavian'i Jesosy Kristy fanindroany.